

A Ireo mpitantana ao amin'ny Testamenta Taloha

❖ Mpitantana fananana

- Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny mpitantana dia ireo izay mifehy ny “trano.” Nanana andraikitra hitantana ny fananan'ny tompony ireo, ary ny tompony dia mahatoky azy ireo.
- Ny mpitantana dia miasa eo amin'ny toeran'ny tompony, ka manao tahaka izay ho nataony. Raisiny ho azy ny tombontsoan'ny tompony, ary tsy mampiasa ny fananan'ny tompony ho an'ny tombontsoany manokana izy.
- Tao ireo mpitantana mahatoky toa an'i Eliezera sy Josefa (Gen. 15:2; 39:4), ary ireo tsy mahatoky toa an'i Arza sy Sebna (1Mpanj. 16:9; Isa. 22:15-21).

B Ireo mpitantana ao amin'ny Testamenta Vaovao

❖ Mpitantana mahatoky sy tsy mahatoky

- Mifantoka amin'ny andraikitra ny mpitantana ny Testamenta Vaovao. Ny mpitantana tsirairay dia hadinin'ny tompony ny amin'ny fananany.
- Voasazy ny mpitantana tsy mahatoky (Lioka 12:45-47), kanefa mbola afaka miala tsy tratran'ny fitotongana ara-panahy izy ireo (Lioka 16:8). Mahazo dera ny mpitantana mahatoky, ary omena andraikitra lehibe kokoa (Lioka19:17).

❖ Mpitantana ny zava-miafina izay an'Andriamanitra

- Nanambara fahamarinana maro Andriamanitra, kanefa mbola maro koa ireo izay tsy nambarany, satria tsy ho takatsika amin'ny fahafenoany izany (Deutoronomia 29:29). Misy ireo fanambarana izay takatsika amin'ny ampahany ihany. Ireo fahamarinana ireny dia “zava-miafina.” (Romana 11:25; 1 Korintiana 2:7; 1 Korintiana 15:51; Efesiana 1:9-10; Efesiana 3:3-6; Efesiana 5:31-32; Efesiana 6:19; Kolosiana 2:2; 2 Tesaloniana 2:7; 1 Timoty 3:9; 1 Timoty 3:16).
- Mpitantana ireny zava-miafina ireny isika. Tsy maintsy zaraintsika amin'ny hafa izy ireny na dia tsy tena takatsika amin'ny fahafenoany aza.

❖ Mpitantana fahamarinana ara-panahy

- Fanomezana nomen'Andriamanitra ho tombontsoa ho antsika ny fahamarinana ara-panahy. Mpitantana azy ireny koa isika.
- Ny fanomezana manana tombabidy ambony indrindra dia ny fanavotana. Tsy hizara fanomezana toy izany ve ianao, mba ho afaka handray izany koa ny hafa?
- Eritrere toa ny amin'ny fiadian'Andriamanitra. Ny tsirairay amin'ireo fiadiana ireo dia fanomezana ara-panahy nomen'Andriamanitra ho antsika, ary isika no mpitantana ireo fanomezana ireo (Efesiana 6:13-17).

D Mpitantana ankehitriny

❖ Ny andraikitsika amin'ny maha-mpitantana antsika

- Andraikitra lehibe ny maha-mpitantana. Ny mpitantana dia tsy maintsy mihazona mandrakariva ny tombontsoa ambony indrindra an'ny tompony.
- Noho izany, dia tompon'andraikitra ny amin'ireo zavatra rehetra nomen'Andriamanitra ho antsika isika; na zavatra azo tsapain-tanana izany na fanomezana ara-panahy.
- Malalaka isika amin'ny fampiasana ireo fananantsika, na ho an'ny tombontsoa ho antsika na ho an'Andriamanitra. Tsy maintsy tsaroantiska anefa fa hadinina amin'izany isika (Mpitoriteny 11:9).